Noho ny didim-pitondrana laharana faha-1612/2002 nataon' ny Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Fanjonoana sy ny Haren' ny atirano, tamin' ny 31 jolay 2002, ny sambo rehetra nomena alàlana hanjono ireo karazana hazandrano an-drano lalina dia tsy mahazo mampiasa fitaovam-panjonoana ahitana mason-drary latsaky ny 70 mm.

Noho izany, ny sambo rehetra mampiasa hárato tarika dia tsy mahazo mampiasa mason-drary ka ny mason' ny kitapo vita amin' ny kofehy tokana na miverin-droa dia ho latsaky ny 70 mm. Koa amin' izany, ny mason-drarin' ireo harato dia ho refesina amin' izy lena, ka ny mason-drary amin' izay dia voarirotra manaraka ny halavan' ny harato, amin' ny alàlan' ny famarana fisaka manana hatevina 2 mm eo ambanin' ny fanindriana milanja dimy kilao.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny mason-drary hita amin' ireo faritra hafa amin' ny harato tarihin-tsambo toy ny elatra, ny lamosina, ny fandrika, dia tsy tokony ho ambanin' ny 70 mm.

Ny tsy fanarahan' ny sambo nomen-dàlana hanjono amin' ny rano fehezin' ny lalàna malagasy ireo fepetra voalaza avy etsy amin' ny andàlana etsy aloha, dia zary fandikana ny didy aman-dalàna manan-kery izay hohenjehina sy hosaziana araka ny fepetra ao amin' ny lohateny VI sy VII amin' ny hitsivolana laharana faha-93-022 tamin' ny 4 mey 2002 ary koa ireo fepetra izay mety ho raisina mba hanatsarana ny rafitra fanaraha-maso ao anatin' ny fitantanana ny fanjonoana, toy ny fanesorana vonjimaika na tena raikitra ny fahazoan-dàlana nomena.

Par arrêté n° 1612/2002 du Secrétaire d'Etat chargé de la Pêche et des Ressources halieutiques, en date du 31 juillet 2002, tout navire autorisé à pêcher des espèces en eau profonde ne peut faire usage d'engins de pêche dont les maillages sont inférieurs à 70 mm.

Par conséquent, tout navire utilisant un chalut, ne pourra employer un maillage dont les mailles de la poche, en fil simple ou double, soient inférieures à 70 mm. Pour ce faire, le maillage des filets devra être mesuré mouillé, la maille étirée dans le sens de la longueur du filet, au moyen d'une jauge plate de 2 mm d'épaisseur sous une pression de 5 kg.

En aucun cas, les mailles des autres parties du chalut, à savoir les ailes, le dos, l'amorce, ne devraient pas être inférieure à 70 mm.

Le non-respect des dispositions énumérées respectivement dans l'alinéa précédent par les navires autorisés à opérer dans les eaux sous juridiction malagasy constitue une infraction vis-à-vis de la réglementation en vigueur qui sera poursuivie et réprimée suivant les dispositions des titres VI et VII de l'ordonnance n° 93-022 du 4 mai 2002 ainsi que les dispositions qui pourront être prises en vue de l'amélioration du système de surveillance dans le cadre de la gestion des pêcheries, telles que le retrait temporaire ou définitif de l'autorisation délivrée.